



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA  
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana



**REPOBLIKA FAHAEFATRA  
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA  
FOTOAM-PIVORIANA TSY ARA-POTOANA VOALOHANY  
TAONA 2021**

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX  
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

**FAMINTINANA NY FIVORIAMBE**

LAHARANA FAHA-118EX

FANDINIHANA SY FANDRAISANA FANAPAHAN-KEVITRA MOMBA NY VOLAVOLAN-DALANA LAHARANA FAHA-003/2021 TAMIN'NY 24 FEBROARY 2021 «AUTORISANT LA RATIFICATION DE L'ACCORD DE PRET RELATIF AU FINANCEMENT ADDITIONNEL DU PROJET DE DEVELOPPEMENT URBAIN INTEGRE ET DE RESILIENCE (PRODUIR), DANS LE CADRE DU RENFLOUEMENT ET DE LA RESTRUCTURATION DU PROJET SUITE A L'ACTIVATION DES RESSOURCES CERC-MRI, SIGNE LE 18 DECEMBRE 2020 ENTRE LE REPUBLIQUE DE MADAGASCAR ET L'ASSOCIATION INTERNATIONALE DE DEVELOPPEMENT (IDA)»

Fivoriana faha-3  
Natao ny  
Talata 23 Martsa 2021  
- Maraina -

**FIVORIAMBE**

**FILOHA** : Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona

**MPITANTSORATRA** : Ramatoa isany : - RAHELIHANTA Jocelyne  
- RAFENOMANANTSOA Tsirimaharo Ny Aina

**FOTOANA** : Talata 23 Martsa 2021, tamin'ny 10 ora sy 45 minitra, maraina.

**FANDAHARAM-POTOANA** : Fandinihana sy fandraisana fanapahan-kevitra momba ny volavolan-dalàna laharana faha-003/2021 tamin'ny 24 Febroary 2021 «autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement additionnel du Projet de Développement Urbain Intégré et de Résilience (PRODUIR), dans le cadre du renflouement et de la restructuration du projet suite à l'activation des ressources CERC-MRI, signé le 18 décembre 2020 entre le République de Madagascar et l'Association Internationale de Développement (IDA)».

Nitohy ny Talata 23 Martsa 2021, tamin'ny 10 ora sy 45 minitra, ny fivorian'ny Antenimierampirenena.

Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona, Filoha no nitarika izany.

Rehefa avy niarahaba ny mpivory, Ramatoa Filoha dia nomeny avy hatrany an'Andriamatoa RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle, Filoha Lefitra avy amin'ny Faritanin'i Fianarantsoa, ny fitarihana ny fivoriana.

Rehefa izany, niangavy ny Mpitantsoratra mba hanao ny fiantsoana anarana, Andriamatoa mpitarika fivoriana.

Nanatanteraka izany, Ramatoa RAFENOMANANTSOA Tsirimaharo Ny Aina.

Rehefa avy nisaotra an-dRamatoa Mpitantsoratra, Andriamatoa mpitarika fivoriana, tamin'ny fanatanterahany ny fiantsoana anarana dia nampahatsiahy ny fandaharam-potoana izay voalaza etsy ambony ny tenany.

Taorian'izay, niangavy ny Mpampakatenin'ny Vaomiera nandinika ny volavolan-dalàna laharana faha-003/2021 tamin'ny 24 Febroary 2021, Andriamatoa mpitarika fivoriana, mba hamaky ny tatitra.

Andriamatoa HENRI Jean Michel, no nanatanteraka izany ka toy izao ny fivakiny.

Nivory ny Alatsinainy faha-22 Martsa 2021 tamin'ny 10 ora, maraina, ny Vaomieran'ny Tetibola sy ny Fitantanam-bola sy ny Vaomieran'ny Fanajariana ny Tany sy Fitantanana ny Fananan-tany, nandinika ny volavolan-dalàna laharana faha-003/2021 tamin'ny 24 Febroary 2021 «autorisant la ratification de l'Accord de prêt relatif au financement additionnel du Projet de Développement Urbain Intégré et de Résilience (PRODUIR), dans le cadre du renflouement et de la restructuration du projet suite à l'activation des ressources CERC-MRI, signé le 18 décembre 2020 entre la République de Madagascar et l'Association Internationale de Développement (IDA)».

Andriamatoa ANDRIAMIASASOA Doda Nirimboavonjy, Filohan'ny Vaomieran'ny Tetibola sy ny Fitantanam-bola no nitarika ny fivoriana.

Ireto avy ireo Solombavambahoaka tonga nanatrika ny fivoriana:

- Mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Tetibola sy ny Fitantanam-bola;

Andriamatoa isany:

- 1- ANDRIAMIASASOA Doda Nirimboavonjy
- 2- HENRI Jean Michel
- 3- RANDRIANASOLO Jean Nicolas
- 4- RAFIDIMANANA Narson
- 5- RAVONTY Tam Teon Luc Urbain
- 6- ANDRIAMIATRIKARIVO Pierrot
- 7- RATSIMBAZAFY Alain Jean
- 8- RAMBOASALAMA Emilien
- 9-RALAMBOZAFIMBOLOLONA R. Fetra
- 10- RABENIRINA Maminiaina

- Mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Fanajariana ny Tany sy Fitantanana ny Fananantany,

Andriamatoa isany:

- 1- RAHOLDINA Naivo
- 2- RAKOTOARIMANANA Maxime
- 3- ANDRIAMANALINARIVO Jocelyn
- 4- EDIZARD

Ireto kosa ireo teknisiana tonga nislotena ny Governemanta:

Ramatoa sy Andriamatoa isany:

- |                                 |                       |
|---------------------------------|-----------------------|
| 1- RABE Harimanana              | DGATE/MAPT            |
| 2- RAHANIRAKA Haingotiana       | DDP/MEF               |
| 3- RAKOTONINDRAINNY Z.          | DDP/MEF               |
| 4- RASOARIMALALANARIVO Sylviane | CT/MATP               |
| 5- RAVELOMANALINA Rita          | Coordonnateur PRODUIR |
| 6- RASOLOFOJAONA Haja           | Assistant PRODUIR     |

Rehefa avy niarahaba ny mpivory Andriamatoa Filoha dia nomeny ny teknisiana ny fitenenana mba hanomezany fanazavana momba ity volavolan-dalàna ity.

Nambaran'ny teknisiana fa ny tanjon'ity tetikasa ity dia fanatsarana ny toeram-ponenana sy fampiakarana ny fahaiza-manaon'ny mpisehatra manoloana ny fiatrehana ny loza.

Ahitana "composantes" miisa efatra ny tetikasa:

- fanatsarana ny famoahan-drano sy ny toeram-ponenana
- fanamafisana ny fahaiza-manao hiatrehana ny loza ho an'ireo mpisehatra voakasika ao amin'ny Minisiteran'ny Fanajariana ny Tany sy ny Minisiteran'ny Asa Vaventy ary ny APIPA sy ny Kaominin'Antananarivo Renivohitra
- fandrindrana sy fanaraha-maso ny asa;
- fiatrehana ny loza, izay tsy maintsy angatahana alalana amin'ny Mpamatsy vola.

Nambaran'ny teknisiana ihany koa, fa mikasika ny famatsiam-bola fanampiny avy amin'ny Banky Iraisam-pirenena izay mitentina 50 Tapitrisa Dolara Amerikana ity tetikasa ity.

Marihana fa famenoana ny famatsiam-bola teo aloha izay mitentina 75 Tapitrisa Dolara izy ity, izay voalazan'ny volavolan-dalàna efa nolania tamin'ny 28 Jona 2018. Noho ny hamehana ara-pahasalamana mantsy dia nisy ny fampiasana ny 50 Tapitrisa Dolara tamin'io vola nindramina teo aloha io, ka ny 5 Tapitrisa Dolara dia nanampiana ny Kaominin'Antananarivo Renivohitra sy ny JIRAMA ary ny Minisiteran'ny Rano, ny 45 Tapitrisa kosa dia nomena ny FID natokana ho amin'ny fiahiana ara-tsosialy.

Toy izao ny fepetra mikasika ny fampindramam-bola:

- 38 taona no fe-potoana hamerenana ny vola ka ny 6 taona voalohany dia tsy hamerenana ny renivola;
- ny taha isan-taonan'ny "commission d'engagement" dia 0,50%-n'ny vola tsy mbola nampiasaina;
- ny taha isan-taonan'ny "commission de service" dia 0,75%-n'ny vola nampiasaina fa mbola tsy naverina;
- ny famaranana ny tetikasa dia ny 28 Febroary 2023.

Nanamarika ny teknisiana fa ao anaty sokajy A no nametrahan'ny Banky Iraisam-pirenena ity findramam-bola ity, izany hoe tsy maintsy manaraka ny fenitra ara-tontolo iainana.

Rehefa izany dia niroso tamin'ny fametraham-panontaniana ny mpivory.

Fanontaniana:

- 1- Inona no tena hampiasana ity vola ity?
- 2- Aiza ho aiza ny mikasika ny lakan-drano C3 sy ny "site Iarinarivo"?
- 3- Aiza ho aiza ny tetikasa ao amin'ny Boriborin-tany faha-IV ary manana zo hanaramaso ny fampiasam-bola ve ny Solombavambahoaka?
- 4- Aiza ho aiza no toerana hanatanterahana ny "site de réinstallation" Andavamamba sy ny lakan-drano C3?
- 5- Ahoana ny mikasika ny tetikasa any Atsimondrano (Bemasoandro sy Andranonahoatra)?

Valiny:

1. Toy izao ny hampiasana ny vola indramina:
  - fanatsarana ny toeram-ponenana amin'ny faritra lemaka atsimon'Antananarivo sy ny ampahany amin'ny lemak'i Betsimitatatra;
  - fanatsarana ny fahaiza-manao amin'ny fiatrehana ny loza;
  - famerenana amin'ny tokony ho izy ireo fotodrafitrasa momba ny rano toy ny fihoaran'ny ranon'lkopa, izay handaniana 58 tapitrisa dolara ary anisan'izany ny lakan-drano C3 (ampahany amin'ny fefilohan'lkopa sy Sisaony);
  - fanorenana toeram-ponenana ho an'ireo mponina voailika (site de réinstallation) ao Andavamamba.
2. Mikasika ny lakan-drano C3 dia efa nalefa ny "appel d'offres" ary andrasana amin'ny 26 Aprily ho avy izao ny valin'izany. Efa nankatoavin'ny Banky Iraisam-pirenena ny "Bureau d'études" hanara-maso ny asa.

Efa voavaha ihany koa ny olana mikasika ny “site Iarinarivo” ary efa tonga eny amin’ny fiadidian’ny Repoblika ny famahana ny olana.

3. Momba ny asa hotanterahina ao amin’ny Boriborin-tany faha-IV dia iarahana amin’ny Kaominin’Antananarivo Renivohitra, anisan’izany ny fanatsarana ny fampidiran-ketra, ny fanisana ny mponina, fanatsarana ny fangatahana fahazoan-dalana amin’ny fanorenana.
4. Ny “site de réinstallation” Andavamamba dia ao ambadiky ny tsenan’Anosibe ary ny lakan-drano C3 dia miainga eo amin’ny “bassin” Anosibe hatrany amin’ny lakan-drano manoloana ny CENAM hatrany Ankorondrano sy Ambodimita.
5. Mikasika ny asa hotanterahina any Atsimondrano dia hiarahana amin’ny OATF (Observatoire de l’Aménagement du Territoire et du Foncier). Efa nanao fitsirihana ireo Kaominina tafiditra ao amin’ny PRODUIR sy ny mpiara-miasa hijerena ny fotodrafitr’asa azo atao ho fanatsarana ny toeram-ponenana. Miisa 19 ny Kaominina hanatanterahana ny tetikasa ka arakaraky ny fitaovana sy ny fahaizan’ny mponina ao aminy no andaharana ny fisitrahany izany.

Nanamarika ny Solombavambahoaka fa tokony hanatrika ny fanombohana sy fanaraha-maso ary ny fitokanana ny asa izy ireo satria solotenan’ny vahoaka.

Rehefa izany, niroso tamin’ny fankatoavana ny Volavolan-dalàna ny mpivory.

Araka ny fitsipika anaty mifehy ny Antenimierampirenena dia niato 30 minitra ny fivoriana noho ny tsy fahampian’ny fetr’isa ahazoana manapakevitra.

Taorian’izany, nankatoavin’ny mpivory ny Volavolan-dalàna laharana faha-003/2021 tamin’ny 24 Febroary 2021 «*autorisant la ratification de l’Accord de prêt relatif au financement additionnel du Projet de Développement Urbain Intégré et de Résilience (PRODUIR), dans le cadre du renflouement et de la restructuration du projet suite à l’activation des ressources CERC-MRI, signé le 18 décembre 2020 entre la République de Madagascar et l’Association Internationale de Développement (IDA)*» ary hoentina eo anivon’ny fivoriambe handraisana fanapahan-kevitra farany.

Nifarana tamin’ny 11 ora sy 30 minitra, atoandro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Andriamatoa Filoha.

Rehefa avy nisaotra an’Andriamatoa Mpampakateny, Andriamatoa mpitarika fivoriana, tamin’ny famakiana ny tatitra dia nilaza fa hiroso amin’ny fanamarihana na fanitsiana momba izany ny mpivory, ka avy amin’ny Solombavambahoaka aloha no manao izany, avy eo ny solotenan’ny Governemanta indray.

Tsy nisy fanitsiana na fanamarihana avy tamin’ny Solombavambahoaka, ka nomena ny solotenan’ny Governemanta ny fitenenana hanaovany fanamarihana na fanitsiana momba ny tatitra novakiana teo.

Andriamatoa ANDRIANAINARIVELO Hajo, Minisitry ny Fanajariana ny Tany sy ny Asa Vaventy, no nandray fitenenana, nisolotena ny Governemanta, ka fialan-tsiny tamin’ny tsy fahatongavan’Andriamatoa RANDRIAMANDRATO Richard, Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola no nanombohany ny teniny.

Nilaza koa izy fa manana fanitsiana momba ny tatitra ka ireto avy izany:

- Ao amin'ny pejy faha-2, andalana faha-2: soliana hoe, ny tanjon'ity tetikasa ity, fa tsy ny tanjon'ity volavolan-dalàna ity.
- Ao amin'ny pejy faha-2, tsipika voalohany, ampiana hoe toeram-ponenana.
- Ao amin'ny pejy faha-2 ihany, tsipika faharoa, ampiana hoe APIPA sy Kaominin'Antananarivo Renivohitra.
- Ao amin'ny pejy faha-2, fehezan-teny farany ao amin'ny andalana faha-4, "Noho ny hamehana ara-pahasalamana ... ny Kaominin'Antananarivo Renivohitra sy ny JIRAMA **ary ny Minisiteran'ny Rano**, ny 45 tapitrisa ... ara-tsosialy."
- Ao amin'ny pejy faha-2 hatrany, tsipika faha-5, 38 taona no fe-potoana hamerenana ny vola fa tsy 32 taona.
- Ao amin'ny pejy faha-3, valim-panontaniana faha-2, fehezan-teny farany, ampiana hoe: "ary efa tonga eny amin'ny fiadidian'ny Repoblika ny famahana ny olana".
- Ao amin'ny pejy faha-3, valim-panontaniana faha-4, ampiana hoe: "ka hatrany Ankorondrano sy Ambodimita".
- Ao amin'ny pejy faha-4, valim-panontaniana faha-5, fehezan-teny voalohany, ampiana hoe: "Efa nanao fitsirihana ireo mpiara-miasa amin'ny Kaominina tafiditra amin'ny PRODUIR hijery ireo fotodrafitrasa hanatsarana ny toeram-ponenana".

Taorian'izay, niroso tamin'ny famelabelarana ny antonanton'ny volavolan-dalàna ny mpivory, ka nomena fitenenana ny solotenan'ny Governemanta, hitondrany fanampim-panazavana ka Andriamatoa ANDRIANAINARIVELO Hajo, Minisitry ny Fanajariana ny Tany sy ny Asa Vaventy hatrany no nanao izany.

Nambarany fa hamerenana ny ampaham-bola tao anatin'ny tetikasa PRODUIR ity volavolan-dalàna ity. Noho ny fahatongavan'ny valan'aretina "Covid-19" teto amin'ny firenena, nalaina ny ampaham-bola tamin'io tetik'asa io niatrehana ny olana teo amintsika.

Marihana fa 50 Tapitrisa Dolara tamin'ny 75 Tapitrisa Dolara izay novinavinaina hanatanterahana io tetikasa io no nampiasaina tamin'izany, ka ny 45 Tapitrisa Dolara nomena ny FID ary ny 5 Tapitrisa Dolara nentina nanampiana ny Kaominin'Antananarivo Renivohitra, ny APIPA, ny JIRAMA ary ny Minisiteran'ny Rano tamin'ny fampitaovana niadiana tamin'ny valan'aretina.

Nambarany fa entina hanatsarana ny toeram-ponenana sy hamoahana ny rano eto amin'ny tanànan'Antananarivo ity tetikasa ity satria misedra olana mikasika ny tondra-drano ny tanàna isan-taona. Tsy Antananarivo manontolo anefa no voakasik'izany, fa ireo toerana iva ihany ka hojerena manokana izy ireo, indrindra fa ny toerana manakaiky ny lakan-drano sy ny reniranon'lkopa, Sisaony ary ny "canal C3". Tsy maintsy hisy anefa ny mpiray tanindrazana amintsika ho voakitika amin'ny fanatanterahana ity tetikasa ity, ka efa nanamboarana trano ao amin'ny "site de réinstallation" ao Andavamamba izy ireo. Efa misy koa ny "site de dépôt" natokana hametrahana ireo fotaka avy amin'ny lakan-drano any larinarivo ary efa misy ny fepetra arahana amin'ny fitandroana ny tontolo iainana.

Rehefa avy nisaotra an'Andriamatoa Minisitry, Andriamatoa mpitarika ny fivoriana, tamin'ny fanazavana nomeny, nambarany fa hiroso amin'ny adihevitra ankapobeny ny mpivory ka nomeny fitenenana ny Solombavambahoaka izay nangataka izany.

Fisaorana ny mpikambana tao amin'ny Vaomiera nandinika ity volavolan-dalàna ity no nataon'Andriamatoa RAHOLDINA NAIVO HERINANTSOINA, rehefa nandray fitenenana, satria na samihafa aza ny firehan-kevitra, samy nankatoa ny tetikasa ny mpikambana tao amin'ny Vaomiera.

Nambarany koa fa hitondra fanavaozana ho an'ny tanàna ity tetikasa ity ary hiteraka asa ho an'ny olona maro, ka nanentana ny Solombavambahoaka ny tenany mba handany ny volavolan-dalàna.

Ramatoa RAHERIARIJAONA Régina Clarisse, kosa nilaza fa vonona ny handany ity volavolan-dalàna ity ny tenany. Nanontany koa izy amin'ny fotoana hanaovan'ny Governemanta ny tatitra momba ny vola lany tamin'ny valan'aretina "Covid-19".

Andriamatoa RAZARA Pierre Ravolaza Fidèle kosa rehefa nandray fitenenana dia nangataka fanazavana bebe kokoa momba ny hanaovana ireo olona tsy maintsy afindra toerana noho ity tetikasa ity.

Rehefa izany, nomen'Andriamatoa mpitarika fivoriana, fitenenana Andriamatoa Minisitry, mba ahafahany mamaly ny fanontaniana napetraky ny Solombavambahoaka.

Nanambara Andriamatoa ANDRIANAINARIVELO Hajo, Minisitry ny Fanajariana ny Tany sy ny Asa Vaventy, fa voaray ny fangatahan'ny Solombavambahoaka voafidy tao Farafangana ary hampitaina any amin'ny mpikambana ao amin'ny Governemanta.

Nambarany koa fa azo atao lisitra ny fandaniana rehetra momba ny vola 5 Tapitrisa Dolara nomena ny Kaominin'Antananarivo Renivohitra, ny JIRAMA ary ny Minisiteran'ny Rano, fa ny tomponandraikitra ao amin'ny FID kosa no afaka manome fanazavana ny nampiasana ny vola 45 Tapitrisa Dolara fanampiny.

Momba ny olona voatery afindra toerana noho ny fanamboarana ny "canal C3", efa misy ny "site de réinstallation" hametrahana azy ireo. Manodidina ny 200 ny isan'olona voakasik'izany, ka nomena safidy malalaka izy ireo, ka tao no nisafidy ny handray vola ho solon'ny fanany simba ary tao koa ireo nisafidy ny hananganana trano vaovao ao amin'ny "site de réinstallation". Misy koa ireo olona tsy manana trano eny kanefa mivarotra manodidina ny toerana satria izay no fivelomany, ka efa nomena tambiny avokoa izy ireny.

Taorian'izay, nisaotra an'Andriamatoa Minisitry, Andriamatoa mpitarika fivoriana, tamin'ny valim-panontaniana nomeny ary nilaza fa hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra momba ny volavolan-dalàna ny mpivory.

Nohamafisiny fa araka ny voalazan'ny andininy faha-158 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena, amin'ny fifanarahana iraisam-pirenena toy izao dia tsy azo kitihana ny andininy ao amin'ny volavolan-dalàna fa na laniana na tsipahana na ahemotra ny fandaniana azy.

Taorian'izay, nambarany fa ny andininy faha-90 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena no ampiarina amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 57 ny nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny ary tsy nisy nilaza fanemorana.

Nambaran'Andriamatoa mpitarika ny fivoriana, fa lany ny Volavolan-dalàna laharana faha-003/2021 tamin'ny 24 febroary 2021 «*autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement additionnel du Projet de Développement Urbain Intégré et de Résilience (PRODUIR), dans le cadre du renflouement et de la restructuration du projet suite à*

l'activation des ressources CERC-MRI, signé le 18 décembre 2020 entre le République de Madagascar et l'Association Internationale de Développement (IDA)».

Rehefa izany, nomen'Andriamatoa mpitarika fivoriana, fitenenana Andriamatoa ANDRIANAINARIVELO Hajo, Minisitry ny Fanajariana ny Tany sy ny Asa Vaventy, raha toa mbola manan-kambara.

Firarian-tsoa mba tsy ho azon'ny valan'aretina «Coronavirus» no nataon'Andriamatoa ANDRIANAINARIVELO Hajo, Minisitry ny Fanajariana ny Tany sy ny Asa Vaventy, tamin'ny Solombavambahoaka ary fisaorana azy ireo noho ny fahalanian'ny Volavolan-dalàna.

Taorian'izay, nambaran'Andriamatoa mpitarika ny fivoriana, fa miisa 21 ireo kandidà nahatonga taratasy filatsahan-kofidiana hisolotena ny Antenimierampirenena any amin'ny HCC ary efa azo jerena ao amin'ny biraon'ny Sekretera Jeneraly eny Tsimbazaza ny mombamomba azy ireo. Nampahatsiahy ihany koa izy, fa mbola hitohy eny amin'ny Lapan'i Tsimbazaza ny asan'ny Solombavambahoaka satria misy fehin-kevitra izay natao sonia eny an-toerana.

Nanao satroka, Andriamatoa RAZAFINANDRASANA Raulan ary nanontany raha efa fampielezan-kevitra no hataon'ireo kandidà rehefa tonga eny Tsimbazaza sa tsia.

Namaly, Andriamatoa mpitarika ny fivoriana, fa mamantatra ireo kandidà ihany no atao eny Tsimbazaza, fa amin'ny andron'ny fifidianana izy ireo no mampahafantatra ny tenany sy manao fampielezan-kevitra.

Talohan'ny hiatoan'ny fivoriana, nampahatsiahy ny fandaharam-potoana manaraka, Andriamatoa mpitarika ny fivoriana, izay fivoriambe hifidianana ireo mpikambana roa hisolotena ny Antenimierampirenena eny amin'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana na ny HCC.

Niato tamin'ny 11 ora sy 35 minitra, atoandro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Andriamatoa Mpitarika ny fivoriana.



RAZANAMAHASOA Christine Harijaona